# Les prophètes de Dieu

Par Andrea Muñoz Spannaus
*Deuxième conseillère dans la présidence générale des Jeunes Filles*

# Mpaminanin' Andriamanitra

Nataon-dRahavavy Andrea Muñoz Spannaus
*Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy maneran-tany*

Conférence générale d'octobre 2025

*Pour nous saisir de toute bonne chose jusqu'à la Seconde Venue, il est essentiel d'écouter la voix du prophète et d'y obéir.*

Chers jeunes, nous assistons à une merveilleuse session de la conférence générale ! Nous avons déjà entendu trois apôtres vivants de Jésus-Christ. Quelle merveilleuse bénédiction ! Et nous en entendrons un de plus, Henry B. Eyring. Le festin spirituel continue !

Dans mon discours de l'année dernière, j'ai utilisé l'expérience de David et Goliath pour enseigner comment affronter ce monde. Vous souvenez-vous des cinq pierres ? Aujourd'hui, je vais vous parler d'une histoire de l'Ancien Testament que j'ai lue quand j'avais votre âge et dont j'admirais la protagoniste à laquelle je voulais ressembler. La Bible ne nous dit pas son nom. Nous l'appellerons donc « la femme de Sunem », du nom de la ville où elle habitait.

Les Écritures nous disent qu'un jour où Élisée passait par Sunem, « il y avait là une femme de distinction, qui le pressa d'accepter à manger. Et toutes les fois qu'il passait, il se rendait chez elle pour manger». J'imagine que le prophète Élisée était ravi de l'invitation de cette femme à manger chez elle ! Il était déjà venu plusieurs fois quand, un jour, elle dit à son mari : « Voici, maintenant, je perçois que cet homme […] est un saint homme de Dieu. »

La femme dit «Maintenant,je perçois ». Il

*Ny fihainoana sy ny fankatoavana ny feon'ny mpaminany dia zava-dehibe amin'ny fihazonana ny zavatra tsara rehetra mandra-pahatongan'ny Fiavian'ny Mpamonjy Fanindroany.*

Ry zatovo malala isany, tena fivorian'ny fihaonambe mahafinaritra tokoa ity! Efa nandre Apôstôlin'i Jesoa Kristy velona anankitelo sahady isika. Tena fitahiana lehibe izany! Ary mbola handre iray hafa fanampiny isika, ny Loholona Henry B. Eyring. Mitohy hatrany ny fivokisantsika ara-panahy!

Tamin'ny fotoana nandraisako fitenenana tamin'ny herintaona dia nianatra ny fomba hiatrehana izao tontolo izao isika tamin'ny alalan'ny zavatra niainan'i Davida niaraka tamin'i Goliata. Tsaroanareo ve ireo vato dimy? Anio aho dia hizara tantara iray ao amin'ny Testamenta Taloha izay novakiako fony aho nitovy taona taminareo ka nitarika ahy haniry ny ho lasa toa ilay mpandray anjara fototra ao amin'izany tantara izany. Tsy milaza amintsika ny anarany ny Baiboly ka noho izany dia ilay vehivavy avy ao Sonema no hiantsoantsika azy satria izany no anaran'ny tanàna niaviany.

Indray andro raha nandalo tao Sonema i Elisa mpaminany dia mamaky isika fa "nisy vehivavy mpanankarena teo izay [nanasa]azy hihinan-kanina. Ary isaky ny mandalo izy, dia nivily nankao … hihinan-kanina."Azoko an-tsaina ny hafalian'ny mpaminany Elisa tamin'ilay fanasana azy hisakafo tao an-tranony! Efa imbetsaka izy no nankany ka hoy ilay vehivavy tamin'ny vadiny indray andro: "Indro, fantatro famasina sady lehilahin' Andriamanitrailay mpandalo eto amintsika mandrakariva."

Milaza ilay vehivavy hoe: "Indro,fantatro."

semble qu'elle ait invité Élisée chez elle sans savoir qu'il était un prophète de Dieu, et qu'elle ait reçu un témoignage par le Saint-Esprit en écoutant attentivement ce que disait et enseignait Élisée. (Souvenez-vous qu'il n'y avait pas de photos à cette époque ! Il était donc difficile de reconnaître le prophète uniquement à son visage.)

Mais l'histoire ne s'arrête pas là. Un jour, la femme dit à son mari : « Faisons une petite chambre haute […] et mettons-y pour lui un lit, une table, un siège et un chandelier, afin qu'il s'y retire quand il viendra chez nous. »

Cette femme fidèle était disposée à construire une chambre dans sa maison pour que le prophète ait un endroit où loger quand il viendrait dans leur ville !

Aujourd'hui, cette expérience nous enseigne une leçon puissante.

Le Seigneur a témoigné à la femme de Sunem qu'Élisée était un prophète de Dieu et elle a ouvert sa maison pour l'accueillir.

Nous pouvons, nous aussi, recevoir untémoignage personnel des prophètes moderneset ouvrir notre cœur et notre esprit — notre maison — au message que notre Père céleste veut nous transmettre en ces derniers jours.

Chers jeunes, je vous invite à vous poser cette question : Ai-je un témoignage personnel des prophètes vivants ?

Commençons par le commencement.

Qu'est-ce qu'un prophète ?Un prophète est une personne appelée par Dieu pour parler en son nom. Il y a des prophètes sur terre aujourd'hui, tout comme il y en avait dans les temps anciens.

Prophètes, voyants et révélateurs.Cela signifie qu'ils voient ce que les autres ne peuvent pas voir et qu'ils peuvent prophétiser au sujet d'événements futurs. Ils peuvent aussi nous préparer en vue de calamités à venir. Les prophètes reçoivent des commandements et des révélations du Seigneur. Leneuvième article de foiparle de la révélation continue dans les derniers jours, en ces termes : « Nous croyons tout ce que Dieu a

Toa nasainy nankao an-tranony i Elisa kanefa tsy fantany hoe mpaminany izy. Tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina no nandraisany ny fijoroany ho vavolombelona raha nihaino tsara ny zavatra nolazain'i Elisa sy nampianariny izy. (Tsarovy fa tsy nisy ny sary tamin'izany fotoana izany! Ka noho izany dia sarotra ny namantatra ny mpaminany tamin'ny alalan'ny fijerena fotsiny ny endriny.)

Saingy tsy tapitra teo ny tantara. Hoy ilay vehivavy tamin'ny vadiny indray andro: "Andeha isika hanao efi-trano kely … ary hasiantsika fandriana sy latabatra sy seza ary fanaovan-jiro ho azy ao; ary raha tonga eto amintsika izy, dia ao no hipetraka."

Vonona hanorina efitrano tao an-tranony ity vehivavy matoky ity mba hitoeran'ny mpaminany raha nandalo tao amin'ilay tanàna izy!

Anio dia afaka mianatra lesona mahery vaika avy amin'ity zavatra niainana ity isika.

Nijoro ho vavolombelona tamin'ilay vehivavy avy ao Sonema ny Tompo fa mpaminan' Andriamanitra i Elisa ka nandray andraikitra tamin'ny fanokafana ny varavarany handraisana azy izy.

Isika koa dia afaka mandrayfijoroana ho vavolombelona manokana momba ireo mpaminan' Andriamanitra ankehitrinyary manokatra ny fontsika sy ny saintsika—ny tranontsika—amin'ny hafatra izay omanin'ny Raintsika any An-danitra ho antsika amin'izao andro farany izao.

Ry zatovo malala isany, manasa anareo aho hametraka ity fanontaniana ity amin'ny tenanareo: "Moa ve aho manana fijoroana ho vavolombelona manokana momba ireo mpaminany velon' Andriamanitra?"

Ndeha hatombotsika any am-piandohana.

Inona no atao hoe mpaminany?Ny mpaminany dia olona iray izay nantsoin' Andriamanitra mba hiteny ho Azy.Misy mpaminany eto an-tany ankehitriny, toa ny tamin'ny andro fahiny.

Ny mpaminany dia mpahita sy mpanambara.Midika izany fa afaka mahita ny zavatra tsy hitan'ny hafa izy ireo ary afaka maminany ny zavatra ho avy. Afaka manomana antsika amin'ireo antambo koa izy ireo. Ny mpaminany dia mandray didy sy fanambarana avy amin'ny Tompo.Nyfanekem-pinoana fahasivydia miresaka momba ny fitohizan'ny fanambarana amin'izao andro farany izao. Milaza izany hoe: "Mino ny

révélé, tout ce qu'il révèle maintenant, et nous croyons qu'il révélera encore beaucoup de choses grandes et importantes concernant le royaume de Dieu. »

zava-drehetra izay efa nambaran' Andriamanitra isika, izay ambarany ankehitriny, ary mino isika fa Izy dia mbola hanambara zavatra lehibe sy manan-danja maro mikasika ny Fanjakan' Andriamanitra."

Gary E. Stevenson a dit : « Le Seigneur continue de révéler ses commandements et sa volonté à ses prophètes, car il désire nous guider vers la joie dans cette vie et la gloire céleste dans la vie à venir. »

Hoy ny Loholona Gary E. Stevenson: "Manohy manambara ny didiny sy ny sitrapony amin'ireo mpaminaniny ny Tompo ankehitriny satria maniry ny hitarika antsika ho any amin'ny fahasambarana eto amin'ity fiainana ity sy ho any amin'ny voninahitra selestialy any amin'ny fiainana ho avy Izy".

Les prophètes proclament aussi l'Évangile, et sont des instructeurs et des messagers inspirés de Dieu pour chaque personne sur terre.

Mitory ny filazantsara ihany koa ny mpaminany ary mpampianatra sy mpitondra hafatra entanim-panahy avy amin' Andriamanitra ho an'ny rehetra eto an-tany.

Chacun des membres de la Première Présidence et du Collège des douze apôtres est un prophète, voyant et révélateur. Sous la direction du Seigneur, ils forment un conseil pourvu de l'autorité de déclarer et d'interpréter la doctrine, et de définir les règles de son Église. Ils prient et délibèrent avec attention, car les décisions de ces collèges doivent être unanimes. De cette façon, le Seigneur nous assure que sa volonté sera accomplie.

Ny mpikambana tsirairay ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia mpaminany sy mpahita ary mpanambara.Filankevitra manompo eo ambany fitarihan' Andriamanitra izy ireo ary manana ny fahefana hanambara sy hanazava fotopampianarana ary hametraka fitsipika ho an'ny Fiangonany.Mivavaka sy mandinika amim-pitandremana izy ireo satria tsy maintsy iray feo ireo kôlejy ireo amin'ny fanapahan-kevitra raisiny. Amin'izany no hakan'ny Tompo antoka fa tanteraka ny sitrapony.

Les prophètes témoignent du Christ, de son existence, de son ministère et de sa divinité.

Ny mpaminany dia mijoro ho vavolombelona ny amin'i Kristy—Ny fisiany sy ny asa fanompoana nataony ary ny maha-Andriamanitra Azy.

Lisons ensemble quelques témoignages de prophètes du Livre de Mormon.

Ndeha isika hamaky fijoroana ho vavolombelona vitsivitsy nananan'ny mpaminany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna.

Abinadi a proclamé :

« Dieu lui-même descendra parmi les enfants des hommes et rachètera son peuple.

Nanambara i Abinadia hoe:

"Andriamanitra tenany mihitsy no hidina eo anivon'ny zanak'olombelona ary hanavotra ny olony.

« Et parce qu'il demeure dans la chair, il sera appelé le Fils de Dieu. »

"Ary satria mitoetra ao amin'ny nofo Izy, dia hantsoina hoe Zanak' Andriamanitra Izy."

Samuel le Lamanite a également témoigné que Jésus-Christ est « le Fils de Dieu, le Père du ciel et de la terre, le Créateur de tout depuis le commencement».

Nijoro ho vavolombelona ihany koa i Samoela ilay Lamanita fa i Jesoa Kristy no "Ilay Zanak' Andriamanitra, ny Rain'ny lanitra sy ny tany, ny Mpahary ny zava-drehetra hatrany am-piandohana."

Et le prophète Moroni a déclaré : « J'ai vu Jésus, et […] il a parlé face à face avec moi. »

Ary ny mpaminany Môrônia nilaza hoe: "Nahita an'i Jesoa aho, ary … niresaka tamiko nifanatrika Izy."

Quand le Sauveur Jésus-Christ est venu sur la terre, l'une des premières choses qu'il a faites a été d'appeler douze apôtres. Il a dit au peuple : «Bénisêtes-vous si vousprêtez attentionaux

Rehefa nitsidika ireo Nefita i Kristy dia niantso Apôstôly roambinifolo no anisan'ny zavatra nataony voalohany.Ary hoy izy tamin'ny vahoaka: "Hotahianaianareo rahamampandry

paroles de ces douze que j'ai choisis. »

J'aimerais maintenant m'adresser aux parents ou aux autres membres de la famille qui élèvent des enfants. Le Seigneur lui-même a enseigné les vérités du plan du salut à Adam et Ève. Il leur a ensuite dit : « Je vous donne le commandementd'enseigner libéralementces choses à vos enfants. »

Que signifie « enseigner libéralement » ? Cela signifie apprendre les vérités de l'Évangile, avoir un témoignage personnel de ces vérités et les transmettre à nos enfants. Cela signifie rechercher les occasions formelles et informelles de les instruire. Cela veut dire mener une vie conforme à cette connaissance et ce témoignage.

Le Livre de Mormon décrit les 2 060jeunes guerriers comme « des hommes pleins de vérité et de sérieux,car on leur avait enseignéà garder les commandements de Dieu et à marcher en droiture devant lui». Ces jeunes guerriers obéissaient fidèlement à Hélaman, qui était alors leur chef de guerre et leur prophète, et ils rendaient hommage à leurs mères, qui leur avaient inculqué des principes de vérité et de foi.

Chers parents, dans ce monde où tant de voix différentes s'opposent et où les ténèbres règnent parfois, Dieu nous a commandé d'élever nos enfants dansla lumière et la vérité. Il nous a confié la responsabilité d'enseigner à nos enfants les vérités salvatrices de l'Évangile. Si nous ne le faisons pas, ce n'est pas le monde qui le fera.

Chers jeunes amis, j'aimerais vous lancer une invitation : Dans les jours à venir, je vous invite à vous agenouiller, à ouvrir votre cœur et à demander avec foi à notre Père céleste qu'il vous donne la confirmation que le prophète et les douze apôtres qu'il a choisis sont ses porte-parole sur la terre aujourd'hui.

La femme de Sunem nous a montré que le Saint-Esprit peut nous donner ce témoignage. Je vous promets que, en dépit de nos difficultés continues, la vie est plus facilequand noussavonsque ces hommes ont été choisis par Dieu, car nous suivons leurs conseils avec confiance, foi et es-

sofinaamin'ny tenin'ireto roa ambin'ny folo izay efa nofinidiko."

Ankehitriny dia mamela ahy ianareo hizara teny vitsivitsy ho an'ny ray aman-dreny sy ireo olona hafa ao amin'ny fianakaviana izay mitaiza zanaka. Ny Tompo tenany dia nampianatra an'i Adama sy i Eva ireo fahamarinan'ny drafitry ny famonjena. Ary avy eo hoy Izy tamin'izy ireo: "Koa omeko didy ianao mbahampianatra malalaka ny zanakao amin'izany zavatra izany".

Inona no dikan'ny hoe mampianatra malalaka? Midika izany hoe mianatra ireo fahamarinan'ny filazantsara sy manana fijoroana ho vavolombelona manokana momba izany ary mizara izany fahalalana izany amin'ny zanatsika. Midika izany hoe mampitombo ireo fotoana fampianarana voaomana mialoha sy natao tampoka. Midika izany hoe miaina araka izany fahalalana sy fijoroana ho vavolombelona izany.

Ny Bokin'i Môrmôna dia mamaritra ireo miaramilan-jatovo 2.060ho "lehilahin'ny fahamarinana sy ny fahamatorana izy ireo, faefa nampianarina azy ireony hitandrina ny didin' Andriamanitra sy handeha araka ny hitsiny eo anoloany".Nankatoa am-pahatokiana an'i Helamàna, izay mpitari-tafika no sady mpaminan'izy ireo tamin'izany fotoana izany ireo zatovolahy ireo, ary niaiky izy ireo fa nameno ny fon'izy ireo tamin'ny fahamarinana sy tamin'ny finoana ny renin'izy ireo.

Ry ray aman-dreny isany, eto amin'ity izao tontolo izao ity izay feno feo maro sy haizina betsaka mihitsy aza indraindray dia nandidy antsika Andriamanitra, hitaiza ireo zanatsika anatyfahazavana sy fahamarinana.Nankininy tamintsika ny andraikitra hampianatra ireo zanatsika ireo fahamarinana mitondra famonjena ao amin'ny filazantsara. Raha tsy manao izany isika, dia tsy hanao izany izao tontolo izao.

Ry zatovo namako, manana fanasana ho anareo aho: asaiko ianareo, amin'ireo andro aorian'izao, mba handohalika, hanokatra ny fonareo, ary hivavaka amim-pinoana amin'ny Ray any An-danitra, hangataka Aminy hanamafy aminareo fa ny mpampinany sy ireo apôstôly nofidiany dia feony eto an-tany ankehitriny.

Nampianatra antsika ilay vehivavy avy ao Sonema fa afaka mahazo izany fijoroana ho vavolombelona izany isika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Mampanantena anareo aho fa rehefafantatsikafa voahosotr' Andriamanitra izy ireo dia ho mora kokoa ny fiainantsika na dia eo

poir. Pour noussaisir de toute bonne chosejusqu'à la seconde venue de notre Sauveur, il est essentiel d'écouter la voix du prophète et d'y obéir.

aza ireo fanamby amin'izao fotoana izao,satria hankatoa ny feon'izy ireo ombam-pahatokiana sy finoana ary fanantenana isika. Nyfihainoa-na sy ny fankatoavanany feon'ny mpaminany dia zava-dehibe amin'nyfihazonana ny zavatra tsara rehetramandra-pahatongan'ny Fiavian'ny Mpamonjy Fanindroany.

La méchanceté du monde ne cesse de croître, mais l'Église de Jésus-Christ et son royaume sont plus forts que jamais. Sion revêt ses habits de fêteet le trône du Christ ne sera pas ébranlé. Le Seigneur attend de nous que nous soyons forts dans notre témoignage, pleins de foi, et que nous nous repentions quotidiennement. Notre Sauveur, Jésus-Christ, compte sur chacun de nous pour faire avancer son œuvre.

Mitombo ny faharatsian'izao tontolo izao saingy ny Fiangonan'i Jesoa Kristy sy ny fanjaka-ny dia matanjaka kokoa noho ny hatrizay. Mitafy ny fitafiany tsara tarehy i Ziona,ary tsy hianjera ny seza fiandrianan'i Kristy.Manantena antsika hatanjaka amin'ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika sy ho vontom-pinoana ary hibeba-ka isan'andro ny Tompo. Miantehitra amin'ny tsirairay amintsika i Jesoa Kristy Mpamonjintsika hanohy hanatanteraka ny asany.

Joseph Smith, le prophète, a déclaré un jour : « Frères, ne persévérerons-nous pas dans une si grande cause ? » Cependant, comme mon message s'adresse principalement à vous, les jeunes, j'aimerais remplacer le termefrèrespar le mot-jeunes. Êtes-vous prêts ?

« Chers [jeunes], nepersévérerons-nous pas dans une si grande cause ?Allez de l'avantet pas en arrière.Courage,chers [jeunes] ; et en avant,en avant, vers la victoire! Que votre cœur se réjouisse etsoit dans l'allégresse. »

Je suis reconnaissante pour les directives et les efforts consacrés des prophètes vivants. Je vous rends solennellement témoignage qu'ils sont appelés de Dieu à établir, à faire avancer et à diriger son royaume sur terre aujourd'hui. Et il en sera toujours ainsi ! Ce sera toujours le Seigneur qui choisira ses serviteurs. Au nom de Jésus-Christ. Amen.

Hoy ny Mpaminany Joseph Smith indray maka: "Ry rahalahy! Tsy hitozo ao amin'ity tanjo-na lehibe tokoa ity va isika?" Na izany aza anefa, satria natao indrindra ho anareo, zatovo, ity hafatro ity dia te hampiasa ny teny hoezatovoaho raha tokony hoerahalahy. Vonona?

"Ry [zatovo]! Tsyhitozoao amin'ity tanjona lehibe tokoa ity va isika?Andeha handrosofa tsy hihemotra.Mahereza, ry [zatovo]; dia mandro-soa,mandrosoa mankamin'ny fandresena! Aoka hiravoravo ny fonareo aryho faly fatratra tokoa."

Feno fankasitrahana aho noho ny fitariha-na sy ny ezaka feno fanolorantena ataon'ireo mpaminany velona. Ijoroako ho vavolombelona aminareo fa tena fantatro fa nantsoin' Andria-manitra izy ireo mba hanohy sy hanorina ary hitarika ny fanjakany eto an-tany ankehitriny.Ary ho toy izany foana. Ny Tompo foana no hisafidy ireo mpanompony.Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.